Ny Valosoa sy hadihady

## Noho ny ataon'ny fitondrana Rajoelina

# Resy eo amin'ny lafiny rehetra ny vahoaka Malagasy

Noho ny hamaroan'ny loza maro mitranga eto amin'ny Firenena dia manontany tena ny maro momba ny mety ho anton'izy ireny. Ankoatry ny fahantrana izay efa mihàtra sy toy ny tandra vadin-koditra ho an'ny vahoaka tsy mandady harona dia io tsy mety resy io ny covid-19 na dia lazaina aza fa resy io. Mbola sahy miedinedina ny Praiminisitra tamin'ny kabariny teo amin'ny Firenena Mikambana fa tena mahomby ilay « CVO-organics » satria ny sivifolo isanjato maherin'ny marary nisotro izany dia sitrana avokoa. Ireo firenena aty Afrika nomena maimaimpoana ny CVO anefa dia tsy misy na iray aza milaza ny fahombiazany. Lafrantsa moa dia iaraha-mahalala fa mandrara ny fampidirana ity fanafody vita gasy ity any aminy. Ny eto an-toerana dia tsy misy mpividy, ka nahena ny vidiny eny amin'ireo mpivarotra nametrahana izany. Loza tsy fanta-pihaviana mitranga manerana ny Nosy koa amin'izao fotoana izao ny hain-trano etsy sy eroa, tany amin'ny Anjerimanontolo Toliara, nahamaizana trano fonenan'ny mpianatra, torak'izany koa teny Ankatso eto Anatananarivo. Mampametram-panontaniana ihany ireny tranga ireny satria toa amin'ny fotoana tsy fisian'ny olona ao amin'ireny trano ireny no mitranga ny loza, ka niniana natao ve ireny noho ny mety ho fanasongadinan-tena ilazana fa mijery sy mihaino tsy miato ny Malagasy izao fitondrana izao. Tamin'iny herinandro lasa iny aza dia tanàna iray manontolo, any Mananjary any, no hotohoton'ny afo ka aman-jatony no tsy manan-kialofana ka mampaneno lakolosy ny olom-boafidy any an-toerana satria tsy mbola nisy fijerena ireo traboina ireo. Tamin'ity herinandro ity, araka ny vaovao azo dia itrangana "kere" indray any Atsimon'ny Nosy, distikan'Amboasary Atsimo. Efa tamin'ny fitondran'ny Repoblika IV-1 no efa nisy tetikasa noheverina fa hanala ity toe-javatra ity. Nojapian'izao fitondrana izao moa izany tetikasa izany ka nanaovana serasera goaibe ny momba ilay "pipe line". Toy ireny tetikasa nojapiana ireny anefa dia tsy araka izay niheverana azy ny tohiny. Nankalazaina ihany koa tamin'izany fotoana izany fa ho resy ny "kere" sy ny tsy fahampian-drano fisotro madio any amin'iny faritra "milevin-drano" iny. Am-polotaona lasa izay no nalaza tany Ethiopia izany tsy fahampian-tsakafo izany, ka nahitana ankizy maro efa taolana mifono hoditra fotsiny sisa. Toy izany no mitranga eto amin'ity Firenena ity ary misy olomboafidy mangataka fanampiana any ivelany, ka ho hita eo ihany ny ho tohiny satria efa nisy tranga toy izao dia iarahamahalala ny nanjo ilay manam-pahefana. Tsy mety resy sady mirongatra izay tsy izy koa ny tsy fandriampahalemana satria na eo aza ny ezaka ataon'ny mpitandro ny filaminana. Mazava ho azy ny antony satria eo ny lavo fa eo koa ny tafaporitsaka izay betsaka kokoa, ka manohy ny asa ratsiny. Ny zavatra tsapa dia saika mpamerin-keloka ny ankamaroany.

Resy eo amin'ny lafiny rehetra ny vahoaka Malagasy: resin'ny fahantrana, resin'ny covid-19, resin'ny fanampenam-bava, mihorohoron'ny tahotra ny asan-jiolahy,…

Etsy an-kilany kosa dia mandresy ny mpitondra satria sahy mamorona sy mampihàtra izao didy rehetra izao hifehezana sy hangejana sy hanampenam-bava ny mpampindrana fahefana azy, ka manararaotra ny hamehana (état d'urgence) hanamparam-pahefana, fanakatonana orinasa, fampidirana am-ponja. Manararaotra izany koa ny ben'ny tanàna sasany, anisan'izany ny eto an-drenivohitra, ka mandrangaranga sazy ara-ketra eto amin'ny tanàna. Mandresy ny vahoaka entiny eto an-toerana ny mpitondra, saingy tsy sahy na dia don-tandroka akory aza amin'ireo firenena fantatra fa mibodo na manao tantely afa-drakotra ny harem-pirenena na mangeja ny ampahantanin'ny tena. Misy fetrany ny fangejana sy ny faharesen'ny mpiray tanindrazana satria ny fahoriana, hono, mahazaka maniraka.

*Andry Tsiavalona*

Mandritsara- Vakinankaratra

# Haverina ny fifidianana Ben'ny tanàna

Haverina ny fifidianana ben'ny tanàna any amin'ny kaominina Mandritsara any amin'ny faritra Vakinankaratra. Namoaka didy ny Fitsarana misahana ny ady amin'ny fanjakana sy ara-bola Antananarivo, fa hisy fifidianana Ben'ny tanàna vaovao hatao ao amin'ny Kaominina ambanivohitra Mandritsara, Distrikan'i Betafo, Faritra Vakinankaratra, taorian'ny nahafaty ny Ben'ny tanàna voafidy farany tao, Rakotondranaivo Roger ny 18 jolay 2020, ka nahabanga io toerana io. Andrasan'ny rehetra ihany koa ny hamerenana ny fifidianana amin'ireo kaominina 24 mbola tsy manana ben'ny tanàna sy mpanolotsainan'ny kaominina eto amintsika, kaominina izay nisy olona tamin'ny fifidianana kaominaly notanterahana farany teto amintsika ireny.

*Isambilo*



VONDRON'ORINASA TIKO

# Be ny fahapotehana noho ny hetra takian'ny fitondrana

Namaky bantsilana ny zava-misy manjo azy ho fanta-bahoaka eto amin' ny firenena ankehitriny ny eo anivon'ny orinasa Tiko. Tsy mety intsony ny mangina fa toy ny diso hatrany izy ireo. Nampahafantarina omaly fa mbola mitohy ny fanapotehana sy antsojay ny orinasa Tiko. Tsy mijanona fotsiny amin' ny resaka hetra izany, fa tena ampiharana mihitsy ny fitrongisana ny fotodrafitr'asa hatrany amin'ny fotony, toy ny atao ao amin'ny orinasa niorina tao amin'ny seranan-tsambon'i Toamasina. Hanakaramana ny orinasa Colas no asaina miandraikitra ny mikaoka hatrany ifotony (démolition) izany orinasa izany. Toe-tsaina inona izany? Nambara fa tsy afamiala amin'izany ary ho tompon'andraikitra ny ao amin'ny seranan-tsambo satria tsy maintsy hisy ny tombana "évaluation" sy ny fanadihadiana samihafa "expertise" atao amin'izany. Notsiahivina, fa ny Tale jeneraly tamin'izany fotoana izany no tale jeneraly amin'izao fotoana izao, ka mahafantatra izy ny andraikitry ny seranan-tsambo tamin'izany sy ny fotodrafitrasa nopotehina tao. Natao izay hanakatonana ity orinasa Malagasy ity, ary tsy namakiana loha izay hanjo ireo mpiasa ao aminy. Fahapotehana tsy hita pesimpesina sy faritana no natao tamin'ny orinasa Tiko manerana ny Nosy nanomboka ny taona 2009. Norobaina sy nangalarina ny entana maro samihafa ary nisy ny nanome toromarika tamin' izany, nopotehina sy nodorana tanteraka ireo orinasa maro manerana ny Nosy. Nambaran'ny solontena avy amin'ny orinasa omaly, fa mitentina 1.461. 367. 732. 141 Ariary, 1461 miliara Ar mahery ny tetibidin'ireo fahavoazana rehetra sy onitra tokony aloan'ny fanjakana amin'ity vondrona orinasa ity izay miisa eo amin'ny 11 ny orinasa ao anatiny. Mifanalavitra tanteraka amin'ny lazaina ho hetra mitentina 150 miliara ariary takian'ny fanjakana ankehitriny ary antony hanakatonana ireo orinasa Tiko sy Triple A izany tetibidin'ny fahasimbana sy fahapotehana izany.



Ankoatra ny fampihavanam-pirenena sy ny amnesty, dia andraikitry ny Filankevitra Fampihavanana Malagasy na CFM ny fanonerana ny olona rehetra sy ny orinasa lasibatra tamin'izany fotoana izany. Izay indrindra no nahatonga ny solontena avy amin'ny orinasa Tiko, notarihan'ny mpisolovava Me Hanitra Razafimanantsoa, nankeny amin'ny foiben-toeran'ny CFM Ampefiloha nitondra ny antonta-taratasy momba ny fanonerana ny orinasany satria izy no orinasa iray lehibe anisan'ny lasibatra tamin'izany. Nisy ny fihaonana tamin'ireo Mpiandraikitra ny CFM notarihan' ny ny filohany tamin'izany, izay nandray ireo antontataratasy natolotra sy ny fanampim-panazavana samihafa nandritry ny fifanatrehana. Voarakitra sy voafaritra ao anatin'ny tondrozotra (feuille de route) tamin'izany fotoana izany ny amin'izay fanonerana izay. Tsy ny olona nanao ny fandrobana sy fanapotehana akory no manao ny fanonerana, fa hisy ny tahirimbola na "Fonds National de Solidarité"( FNS) izay handrotsahana ny vola, no hanatanterahana izany. Manana ampahany kely amin'io ny fanjakana, fa ny ampahany be kosa dia ny Fianakaviambe iraisam-pirenena no mameno azy. Ka ireto solontena avy amin'ny vondrona orinasa Tiko ireto, dia nanatona ny CFM izay manana adidy amin'ny fampihavanam-pirenena, ny hijerena ny amin'izay tokony hifampiresahana sy hodinihina, fa tsy manao didiko fehy lehibe fotsiny, ka lasa hidiran'ny fianakaviambe iraisam-pirenena ny raharaha satria tsy maintsy ho any no hihafaràny rehefa tsy mifampihaino eto isika, hoy ny nambarany.

Dia andrasana araka izany ny ho tohin'ity raharaha iray lehibe eto amin'ny firenena ity.

*Sôh'son*

TONONKALO

## ANY IANAO RY ZANDRIKELY

### (Eritreritra septambra 2020 avy any Amerika )

Any ianao ry zandrikely manam-bika sy tarehy,
Kanefa "tsisy kalitao" ka zary tena "mampihomehy"!
Maro no niandrandra anao hanao kabary tsara lahatra,
Saingy indrisy fa nangaina , saingy indrisy fa nanjahatra !

Noheverina ho fotoana tsy azo avela handalo ireny,
Hahafahana mijoro , hahafahana miteny.
Kanjo indrisy tsy ianao fa olon-kafa no nakarina.
Tena gaga ny rehetra , inona no tena marina ?

Folo taona mantsy izay raha toa tsiahivina eto indray,
Ilay ianao nisolantsolana , te hiseho fa hoe "milay",
Kinanjo indrisy , nody maina , niondrika tsy nahatraka,
Fa "mpanongam-panjakana" ka dia tsy nahazo laka !

Hatrizao ve mbola misy ny alahelo noho izany,
Sa ve tsisy fiovana fa dia zaza saina hatrany ?
Mandiniha ka `ndeha amboary tsy ho maizina ny sary.
Mariky ny "fiandrianana" ilay ianao mba hikabary !

Dia ahoana ny amin`ny "nosy" izay nitsofanao mozika ?
Tamin`ny jona no voalaza fa haverina amintsika.
Ny oktobra efa ho avy , "fetim-pirenena bisy",
K`aminio ve no hambara sa ho avy indray ny "indrisy " ?

Ny tantara no hitsara ry mpanao kitoatoa,
Fa efa tena ihomehezana ilay hoe "fety faharoa".
Ny teny koa dia tadidio fa mety hampisy voka-dratsy,
Toy ny tady mantsy izy io ka sao hafatony atsy ho atsy !

*TSIMIMALO (30-09-20)*